# 02 novambra 2025 Fahatsiarovana ny Maty Rehetra



# MBOLA HITSANGAN-KO VELONA NY MATY

Omaly isika no nankalaza ny Fetin'ny Olomasina rehetra. Mivavaka isan'andro ho an'ireo izay efa nialoha lalana antsika isika fa anio ny Eglizy dia manentana ny zanany rehetra mba hivavaka ho an'ny maty, hanamarihana ny maha-fianakaviana iray antsika dia ny Fianakaviam-ben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Olo Araiky Isika Jiaby. Tsy afaka mivavaka ho an'ny tenany intsony ireo maty. Isika no mitalaho ny famindrampon'Andriamanitra ho azy ireo mba hahafahany ho tafita amin'ny pakany izay resahin'ny Evanjely anio (Jo 6, 37-40). Fa kosa izy ireo afaka mivavaka ho antsika izay mbola manao fivahinianana eto amin'ity tany fandalovana ity.

Miavaka ity andron'ny 2 novambra ity raha ny litorjia no resahana fohy satria afaka mankalaza eokaristia in-3 ny Eglizy ary ampirisihina aza raha indray mandeha isan'andro no fanatanterahana an'izany. Ny antony dia ahafahana mivavaka ho an'ireo havantsika nialoha lalana. Mifanaraka amin'izany koa ireo vakiteny atolotra. Nisafidy ny Eokaristia voalohany aho dia ny Boky faharoan'i Makabeo sy ny Taratasy faharoan'i Md Paoly ho an'i Korintianina ary ny Evanjelin'i Md Joany.

**Vakiteny I :** 2 Mak 12, 43-46
**Tononkira :** Salamo 41
**Vakiteny II :** 2 Ko 5, 1. 6-10
**Evanjely :** Jo 6, 37-40

Isan-taona, ny volana Novambra dia heverina ho volan'ny maty satria mamarana ny taona litorjika isika amin'ny alalan'ny fankalazana an'i Kristy Mpanjakan'izao rehetra izao. Tsy mahagaga raha mibanjina ny fiafarantsika isika ka mivavaka ho an'ireo izay nialoha lalana. Izany indrindra dia noho ny fankalazana androany, dia ny fahatsiarovana ireo rehetra maty ao amin'ny finoana, izay manan-danja lehibe eo amin'ny Eglizy ka mahatonga azy mahatsiaro ny 2 Novambra mihoatra noho ny Alahady faha-31 tsotra mandavan-taona.

Mba hampahatsiahy ny vavaka ho an'ny maty, izany fombam-pivavahana masina sy tranainy izany, dia matetika ny bokin'ny Makabeo (antsoina koa hoe "ny maritirin'i Israely"),

iray amin'ireo vakiteny atolotra amin'ity andro ity. Ity lahatsoratra ity dia mampiseho tsara ny fandraisana andraikitr'i Jodasy Makabeo, izay nandà tsy hanaiky ny baiko nampanarahina amin'ny fomban-tany dia fomba grika tamin'izay. Aoka hohainointsika ny Soratra masina : "Nanangona fanatitra avy amin'ny tsirairay izy, ka nandefa vola roa arivo sekely tany Jerosalema hanaovana sorona fanavotana ho an'ny ota."
Izany dia fanehoana fihetsika tsara, feno hatsaram-panahy, avy amin'ny finoana amin'ny fitsanganan'ny maty. Raha tsy nino izy fa hitsangana indray ireo maty, dia tsy ho nisy antony ny hivavahana ho azy ireo. Nefa izy nino fa misy valisoa lehibe ho an'izay maty amin'ny fahamasinanana — izany no "eritreritra masina sy feno finoana". Noho izany dia nanao sorona fanavotana izy, mba hahafahan'ireo maty voavotra amin'ny fahotany (2 Mak 12, 43-46).
Mazava ho azy ry Kristianina havana, fa tsy io ihany no fotoana isan-taona hivavahantsika ho an'ny nodimandry fa ampianarin'ny litorjia antsika fa ny vavaka ataontsika noho ny fanavotana nentin'i Jesoa izay tsaroantsika manokana amin'izao taonjobily izao dia miombona amin'izy ireo isika amin'ny Eokaristia. Noho izany tsy amin'ny fotoanan'ny fandevenana sy ny tsingerin-taonan'ny fahafatesana ihany no anaovana izany, fa isan'andro, amin'ny Eokaristia rehetra atao maneran-tany. Ao amin'ny vavaka Eokaristia efatra mahazatra dia misy fotoana manokana atao hoe "memento defunctorum", izany hoe fahatsiarovana ireo efa nodimandry. Noho izany, efa fampianaran'ny Eglizy hatramin'ny voalohany ny mivavaka ho an'ireo nodimandry. Aoka isika hanaja sy hivavaka ho an'ireo efa nodimandry, isaky ny mandre vaovao momba ny fahafatesana, ary manao izany tsy tapaka. Mazava ho azy fa fohy ihany ny "memento" amin'ny lamesa, fa tsy misy mahasakana antsika hanampy izany amin'ny fotoana hafa: ohatra, amin'ny fivavahana amin'ny raozery, amin'ny fikasana voalohany ho an'ny fanahin'ireo maty....
Ataoko fa tsara ny manararaotra izao Alahady 2 Novambra izao hanaovana fandalinam-pinoana mikasika ny vavaka ho an'ireo nodimandry sy ny adidy miandry antsika ary ny fiombonan'ny Olomasina…
Mety hanontany isika hoe inona ny ifotoran'izany rehetra izany? Ny fototra ara-pinoana: ny "Fiombonan'ny Olomasina" (Communion des Saints), izay ataontsika amin'ny fiekem-pinoana: "Mino ny fiombonan'ny olomasina aho." Anisan'ny mampiavaka ny finoantsika izany. Ao anatin'ny Jobilin'ny fiekem-pinoana tany Nisea isika ka tsara ny mampisongadina izany amin'ny andro ahatsiarovantsika ireo havantsika nodimandry. Araka izany, isika rehetra dia mifamatotra sy miray ao amin'i Kristy. Mifandray amin'ny zava-drehetra ary amin'ny olon-drehetra isika, amin'ny lafiny ara-panahy. Izay no antony anaovantsika azy ho zavatra natoraly ny mangataka vavaka amin'ny hafa rehefa manana olana isika. Manatona ireo olona tiana sy akaiky antsika isika, mba hangataka azy ireo hanolotra amin'Andriamanitra ny fikasantsika sy ny fanirian'ny fontsika.
Amin'ny voalohany dia ireo mbola velona etỳ an-tany no angatahantsika hivavaka ho antsika, ireo namana, fianakaviana, mpiara-mivavaka. Marina fa matetika isika milaza hoe: "mivavaha ho ahy ", na "aza hadino amin'ny vavakao aho". Avy eo koa, mampianatra antsika ny Eglizy mba hanao fanompoam-pivavahana ho an'ireo olontsambatra sy olomasina izay efa nandalo teto an-tany. Amin'ny fomba manokana hanehoan'ny Eglizy azy ho an'ireo olona efa nohamarinina ho olomasina satria efa niseho tamin'ny alalan'ny vavaka nataon'izy ireo ny voninahitr'Andriamanitra. Izay no nankalazaintsika omaly 1 novambra.

Azo lazaina àry fa fanehoan'ny fiombonan'ny Eglizy telo izao fankalazana izao : eto an-tany, ao amin'ny afo fanadiovana (purgatoire), ary any an-danitra.
Mandritra ity volana Novambra ity araka ny voalazantsika dia manokana ny fo amampanahiny ny Eglizy mivavaka ho an'ireo nodimandry satria mamarana ny taona litorjika. Ny litorjia dia manampy antsika hivelona am-pinoana ny fiainana mahazanak'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny fibanjinana ny fiainan'i Kristy. Ny tanjona eto dia hanehoana tokoa ny fiombonana dia ny fiombonan'ny Eglizy telo : Ny Eglizy miady eto an-tany (Ecclesia militans), ny Eglizy manadio ny tenany ao amin'ny afo fandiovana "purgatoire" (Ecclesia patiens), ny Eglizy tafita mandresy any an-danitra (Ecclesia triumphans).
Tsy hoe Eglizy telo samihafa ireo, fa toerana samihafa amin'ny fiainan'ny finoana iray ihany, satria mitambatra ao amin'i Kristy rehetra izy ireo araka ny fampianaran'ny Katesizin'ny Eglizy Katolika amin'ny 954 sy 955 :
954 — "Raha mbola tsy tonga amin'ny voninahiny feno ny Tompo, fa mbola eo ampiandrasana izany ny Eglizy, dia misy amin'ireo mpianany mbola mandeha amin'ny làlan'ny fivahinianana eto an-tany; misy kosa ireo efa nodimandry nefa mbola manadio ny fanahiny; ary misy ihany koa ireo efa ao amin'ny voninahitra, manatrika ny endrik'Andriamanitra amin'ny fahazavana tanteraka."
955 — "Ny fiombonan'ireo mbola eto an-tany amin'ny mpiray tampo aminy efa nodimandry ao amin'ny fiadanana amin'i Kristy dia tsy tapaka velively; mifanohitra amin'izany aza, araka ny finoan'ny Eglizy, dia vao mainka matanjaka amin'ny fifampizaràna harena ara-panahy izany fiombonana izany."
Io "fifanakalozana harena ara-panahy" io dia avy amin'ny fahasoavana sy ny hatsarampon'Andriamanitra, ahitana : ny fiainana ara-panahy, ny fahasoavana sy ny toetra masina (vertus), ary ny fanomezan'ny Fanahy Masina.
Ho an'ny olomasina sy olontsambatra any an-danitra, dia ampiana koa ny herin'ny fanelanelanana ho antsika eto an-tany. Mb Terezin'i Jesoa Kely dia tsy nisalasala nilaza hoe : "Holaniako amin'ny fanaovan-tsoa eto an-tany ny lanitro". Noho izany, mety tanteraka ny ataontsika raha mangataka matetika ny fanampian'izy ireo amin'ny vavaka isika. Afaka matoky tsara isika amin'ny vavaky ny olomasina sy ny olontsambatra, nefa koa amin'ny fanahin'ireo ao amin'ny afo fandiovana. Azo atao tsara mihitsy aza ny manambara toy ny nataon'ny sasany tamin'ireo olomasina hoe: "Ireo fanahin'ny ao amin'ny purgatoire no namako tsara indrindra."
Io dia mety ho iray amin'ireo fikasana tsara raisintsika amin'ity volana Novambra ity: ny hivavaka bebe kokoa ho an'ireo fanahy ao amin'ny afo fandiovana, indrindra rehefa mahatsapa isika fa tsy tanteraka ny fanirian'ny fontsika, na ny toky noraisintsika tamin'ny fivahinianana ara-panahy. Ny hasarobidin'ny vavaka ho an'ny maty sy ny fizaràna ny harena ara-panahy no manambara ny fiombonan'ny Olomasina.
Isika tokoa, na mbola eto an-tany aza, dia manana harena be ara-panahy omen'Andriamanitra: ny finoana, ny asa soa, ny faharetana amin'ny fisedrana, ny fitiavana… Indraindray anefa dia tsy tsaroantsika izany, na tsy fantatsika akory hoe zavadehibe izany eo imason'Andriamanitra. Ao amin'izany no misy ny hevitry ny vavaka ho an'ny nodimandry: dia ny fizarantsika amin'izy ireo ireo harena ara-panahy ireo, mba hanampiana azy ireo hahazo haingana kokoa ny fiainana mandrakizay, "ahafahana manao ny ny dingana farany" mankany amin'ny fahazavan'ny lanitra.

Izany no dikan'ny indolzansy sy ny famindram-pon'Andriamanitra tsy manam-petra izay asongadina bebe kokoa amin'izao taon-jobily izao.
Ao amin'ny taratasy navoakany tamin'ny 9 Mey 2024, dia nanazava ny Papa François fa ny indolzansy dia mampiseho amintsika hahatsapa mazava ny tsy fetran'ny famindram-pon'Andriamanitra.
Ankoatra ny vavaka sy ny sakramenta, azontsika atao ihany koa ny fanaovana fahafoizan-tena madinika, na amin'ny zavatra tianao atsahatra, na amin'ny faharetana amin'ny zava-tsarotra satria azo atao na aiza na aiza sy amin'ny fotoana rehetra izany.
Izany no maha-zava-dehibe azy: tsy amin'ny toerana masina ihany no azo anaovana asa famindram-po, fa amin'ny fiainana andavanandro mihitsy.
Tsy irery isika amin'izany vavaka izany fa eo i Masina Maria Renintsika sy Md Josefa ka ahafahantsika miaraka amin'izy ireo mivavaka ho an'ny nodimandry sy manomana ny diantsika ka vonona isika satria araka ny Evanjely androany : "izao no sitrapon'ilay naniraka Ahy ny tsy hamelako ho very na dia iray aza amin'izay rehetra nomeny Ahy, fa hamelombelona azy amin'ny andro farany. Fa izao no sitrapon'ny Raiko: izay rehetra mahita ny Zanaka sy mino Azy dia hanana fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."
Mitondra fankaherezana sy fanantenana ho antsika ireo tenin'i Jesoa ireo eo amin'ny diantsika na dia eo aza ny krizy. Toy izao ny nampianaran'i Md Paoly tamin'ny Korintianina : "Fantatsika fa raha rava ity tranontsika etỳ an-tany ity, dia manana trano avy amin'Andriamanitra isika, dia trano tsy nataon-tànana, fa maharitra mandrakizay any an-danitra". Matoky isika ka zary Mpivahinin'ny Fanantenana tokoa mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no malagasy hanasitrana an'izao tontolo izao izay mandalo fotoan-tsarotra tokoa, very fanahy mbola velona. ...
Ry Jesoa, tsy misy very ny ao aminao fa tonga Ianao manangona sy mamelona. Masina Maria Reny, ampio izahay, arovy, tantano hanatona mandrakariva an'i Jesoa ka izy anie handray anay sy hampiditra anay amin'ny fiainana mandrakizay miaraka aminao sy ny olomasina rehetra. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy ampio izahay hahay hanomana tsara ny andro hahafatesanay. Amen

Mompera Eveka Ramaroson Benjamin Marc